# NY FIANAKAVIANA

**Famaritana :**

**Ara-baki-teny :**

f - i - anak(a) -avi- ana

- f: tovona famoronana anarana
- i - …… - ana : tsirin-teny sara-droa
- anakavi: fototeny midika hoe :
  - isika zanaka daholo (anaka+avi)
  - zanaka teraka tonga hanatevina ny isa ao amin'ny ankohonana

Anarana ilazana ny toetry ny fiitaran'ny taranaka

**Ara-kevi-teny:**

Ny atao hoe fianakaviana dia fitambaran'ny ankohonana maro iray fototra izay ampifandraisan'ny ra iraisana, fehezin'ny fomba fisainany sy ny foto-kevitra mampiavaka azy amin'ny hafa.

**Ireo anarana ifampiantsoana ao anaty fianakaviana:**

Dada sy Neny : ireo ray an-dreny niteraka

Zanaka: ireo zaza naterak'ireo ray aman-dreny, taranaka voalohany na antsoina ihany koa hoe masondranony, masom-boly

Dadabe sy Nenibe : no iantsoan'ny zanaka ny ray aman-drenin'i Dada sy ray aman-drenin'i Neny, izany hoe raibe sy reniben'ny zanaka,

Rafozana: ny iantsoan'ny lehilahy ny ray aman-drenin'ny vadiny sy ny iantsoan'ny

vehivavy ny ray aman-drenin'ny vadiny.

Dadatoa sy Nenitoa: Ny rahalahin-dray voalohany sy anadahin-dreny voalohany(matoa), rahavavin-dreny voalohany sy anabavin-dray voalohany. Antsoina ihany koa any amin'ny faritra sasany hoe Mamabe sy Papabe.

Dadanaivo sy Neniraivo: Ny rahalahin-dray sy anadahin-dreny rehetra eo anelanelan'ny matoa sy ny farany sy rahavavin-dreny sy anabavin-dray rehetra eo anelanelan'ny matoa sy ny farany. Izany hoe an'ivo.

Dadafara sy nenifara: Ny rahalahin-dray farany sy anadahin-dreny farany, rahavavin-dreny sy anabavin-dray farany.

- Ny zaodahy no iantsoana ny:
    - Anadahin'ny vady
    - Rahalahin'ny vady
    - Vadin'ny anabavy
    - Vadin'ny rahavavy

    Antsoina ihany koa hoe valilahy na valy

Ny zaobavy ny:

- Rahavavin'ny vady
- Vadin'ny rahalahy
- Vadin'ny anadahy
- Anabavin'ny vady

Antsoina hoe Ranaotra na Velahy

Vinanto: Vadin'ny zanaka

Zafikely: ireo zanaka nateraky ny zanaka, taranaka faharoa

Zafiafy: zanaka nateraky ny zafikely, taranaka fahatelo

Zafin-dohalika : zanaky ny zafiafy, taranaka fahaefatra

Zafin-kitrokely: zanaky ny zafin-dohalika, taranaka fahadimy

Zafim-paladia: zanaky ny zafin-kitrokely, taranaka fahenina

Zafin-doria: zanaky ny zafim-paladia, taranaka fahafito

Zafy mafy na zafy tsy torana: entina milaza ireo zafikely efa lavitra dia lavitra ka tsy mba mitomany intsony raha mandre fa efa maty ireo razam-beny

**Fomba atao hampirindra ny fianakaviana**

Mba hisian'ny fiainana milamina sy mirindra eo amin'ny fiainam-pianakaviana dia ilaina ny fisian'ny: fifankatiavana, fifanajana, fifandeferana, fifanampiana, fifampitsimbinana, fifampitokisana, …

**Ohabolana sy oha-pitenenana**

- *"Izay iray donak'afo, iray dinidinika"*
- *"Ny zoky mitsaha-kota, ny zandry no tompon'ny farany"*
- *"Manan-joky afak'olan-teny, manan-jandry afak'olan'entana,"*

- *“Raha revon’alahelo, ny havana no itarainana”*
- *“Tsy ny donak’afo no mahafana ny trano fa ny mpianakavy mifanara-tsaina”*
- *“Izay mahavangivangy tian-kavana”*
- *“Ny havan-tiana tsy iaraha-monina”*
- *“Ny alahelo tsy ambara havana, zakan’ny tompony ihany”*
- *“Havana raha misy patsa, fa raha lany ny patsa dia havan-tetezina”*
- *“Ory hava-manana”*
- *“Tarana-boanjo foto-boanemba”*
- *“Ny hazo no vanon-ko lakana ny tany naniriany no tsara”*

**Tenina mpandinika**

- Joseph RABETAFIKA: “Ny marina tsy ambara havana, heloka mibaribary”